Fanitsakitsahana zon'olombelona tany Toliara 2
**Manameloka izany ny Pro Ravalomanana any Frantsa**

Ny Valosoa sy Fakafaka 2
**Mizotra mankany amin'ny tsy fahavanonana ny firenena**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 14 desambra 2021 — Laharana 1243 — Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


RMDM sy TIM tany Atsimo Andrefana 2
## Tsy an-dRajoelina izany Toliara

72 taona ny 12 desambra teo 3
# Vao mainka ao tsara ny Filoha Ravalomanana



Vehivavy TIM Analamanga 3 4
# Nanamafy firaisankina niara-nizara ny mamy tamin-dRavalo




Ivom-Panajariana an'Antananarivo sy ny Manodidina 3
# Voafidy fanindroany ny ben'ny tanàna Rado Ramparaoelina



PSD sy GASYMI 2
# Ny Fanjakan'ny Faritra no vahaolana amin'ny fahantrana eto



Asa any Seychelles 6
**Olona mihoatra ny 100 no voa-solokin'ireo mpisoloky roalahy**

Tranombarotra Baolai 6
**Mitohy ny "Promotion Spéciale Noël"**

**Daka kely**



Mila alalana zany ialahy ry Boaikely rehefa hanao fety any amin'ny tanànan'ialahy a !

RMDM SY TIM TANY ATSIMO ANDREFANA

# Tsy an-dRajoelina izany Toliara

Manoloana ny fisakanan'ny fitondrana Rajoelina ny fanamarihana ny tsingerin-taona nahaterahan'ny Filoha Ravalomanana tany Toliara faritra Atsimo Andrefana ny alahady teo, ka nisian'ny fanapoahana baomba lakrimôzena nataon'ny mpitandro filaminana tamin'ny vahoaka, nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly ny mpitarika ny RMDM sy ny avy amin'ny antoko TIM, nahitana ny filoha lefitry ny RMDM any Toliara Pasitera Edouard Tsarahame, sy ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM, Rina Randriamasinoro ary ny mpandrindra nasionalin'ny antoko Jean Claude Rakotonirina. Mibaribary ny jadona ataon'izao fitondrana Rajoelina izao, sy ny fahatahorany ny Filoha Marc Ravalomanana hoy izy ireo. Raha ny zava-misy tany Toliara ny alahady teo, nosakanana tamin'ny fomba rehetra ny hetsika fanamarihana ny tsingerin-taon-dRavalo, fa nambara fa misy ny valanaretina. Tsy lavitra teo amin'ny Magro Andaboly anefa, nisy ny lalao baolina kitra famorian'olona tao amin'ny kianja Maitre Kira. Ka tsy mitombina mihitsy noho izany ny fanakanana nataon'ny Prefet an'i Toliara, sy ireo mpitandro filaminana nisakana ny hetsika. Raha fanahiana korontana sy fandrobana indray no noheverin'izy ireo, izay no asan'ny mpitandro filaminana hisakana an'izany, fa tsy hisakana ny olona hifety tao amin'ny toerana an'olon-tsotra, anjaran'izy ireo no nitandro ny filaminana tamin'ny manodidina ny Magro Andaboly, fa tsy fisakanana tsy ho ao no tokony ho nataony, tena fanitsakitsahana ny zon'olombelona sy ny zo fototra ny tsy famelana ny olona hifety amin'ny toerana an'olon-tsotra, hoy izy ireo. Ankoatra izany, ny fahamaroan'ny olona nitsena an'i Dada tany Toliara, ny fahamaroan'ny olona saika ho ao amin'ny Magro ny alahady teo, ny fahamaroan'ny olona nihaona taminy tany Ankililaoka sy tany Bezaha, hoy ireo mpandahateny dia midika fa tsy an-dRajoelina izany ny any Toliara, ankafizin'ny mponina any amin'ny renivohitry ny faritra Atsimo Andrefana ny filohan'ny Rodoben'ny Mpanohitra. Fa mahakasika ity raharaha ity, nisy ny fanambarana nataon'ny Filoha Marc Ravalomanana ny alahady 12 desambra teo, izay andro fetiny ihany koa: manameloka ny herisetra natao tamin'ny vahoaka nitranga tany an-toerana: "ny lalàmpanorenana dia miantoka ny zon'ny isam-batan'olona, ny fahalalahana fototra, toy ny fahalalahana maneho hevitra, sy ny fahafahana mivezivezy eto amin'ny tanin'ny Repoblika. Indrisy anefa , fa ny 12 desambra 2021 , izay andro nankalazana ny tsingerintaona nahaterahako, dia tsy navela hisitraka izay zo-ko izay ny tenako amin'ny maha-olom-pirenena ahy. Manana zo afaka hikarakara ny fetiko miaraka amin'ny mpiray tanindrazana amiko aho, ao anatin'ny toerana manokana, izay ahy ihany, eto Toliara. Ny fampiasana ireo zandary hanakana ny fidiran'ny olona tao amin'ny Magro, dia fanararaotam-pahefana ataon'ny mpitondra. Noho izany, ny zava-nitranga androany, dia fanitsakitsahana tanteraka ny lalàmpanorenana sady miverimberina. Noho izany rehetra izany, ny tenako dia manameloka mafy ny fanitsakitsahana ireo zo fototra ananan'ny olom-pirenena, izay ataon'ny mpitondra, ary koa ireo herisetra nataon'ireo zandary teto Toliara", hoy izy.

***Stefa***

Fanitsakitsahana zon'olombelona tany Toliara

# Manameloka izany ny Pro Ravalomanana any Frantsa

Manoloana ny fanakanan'ny fitondrana Rajoelina, ny fanamarihana ny fankalazana ny tsingerin-taonan'ny Filoha Ravalomanana tany Toliara ny alahady teo, misy ny fanambarana avy amin'ny Pro Ravalomanana any Frantsa: ny vondrona Pro Ravalomanana dia manameloka tanteraka ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona, izay nitranga farany teo ny zoma faha 10 desambra 2021 sy ny alahady 12 desambra 2021.

Ny voalohany dia andro iraisam-pirenena mikasika indrindra ny zon'olombelona ary fitakiana tsotra ireo zo fototra, izay nataon'ireo mpanjifa.

Ny faharoa izay ny alahady teo, fikasana hanao fankalazana andro naterahana tao amin'ny toerana voafaritra izay fananan'olon-tsotra.

Ny iraisan'ireo hetsika 2 ireo ka nahatonga izao fanamelohana izao, dia ny fandikana sy fanitsakitsahana ankitsirano ny zo maha- olombelona toa ny fanehoana hevitra, sy fivezivezena, izay midika tsy fisiana demokrasia.

Porofo mitohoka amin'ny tendany ny fanilihana an'i Madagasikara, tsy nahazo nandray anjara tamin'ny fivoriana antam-pony mikasika ny demokrasia, nataon' ny filoha Amerikana Joe Biden, izay nahitana firenena 111 ny faha-9 sy 10 desambra farany teo.

Voaporofo mazava izao fa tany tsy tan-dalàna tokoa i Madagasikara. Raha nolazaina tokoa mantsy, fa noho ny hamehana ara-pahasalamana no tsy tokony hamoriana olona, dia tao Antsirabe ny alahady teo ihany, no namory olona ireo nahazo fitondrana ary efa nanao izany nandritra ity herinandro ity, tsy nisy sakana.

Rehefa iza noho izany no misy hamehana ara-pahasalamana dia rehefa iza no tsy misy?

Noho izany dia melohinay izany fomba mamohehatra sy feno tsindry hazolena izany, izay midika hakanosana sy jadona, ka manitsakitsaka tanteraka ny demokrasia sy ny zo maha olona.

Natao izao ho fampahafantarana hoy ihany ny fanambarana, fa androany ihany dia hanaitra ireo tompon'andraikitra ambony mikasika ny zon'olombelona izahay ary hampahafantatra ireo sehatra iraisam-pirenena ny loza mitatao manjo ny Malagasy. Izany dia mifanandrify indrindra amin'ny dinika nataon'ireo firenena 111 mandàla ny demokrasia, sy ny tsoa-kevitra navoakany mikasika indrindra ny zo maha olona, mba hahafahan'izy ireo mahalala sy mahafantatra ary maka fanapahan-kevitra hamonjena ny demokrasia eto Madagasikara ary hiarovana ny Malagasy.

***Isambilo***

PSD sy GASYMI

# Ny Fanjakan'ny Faritra no vahaolana amin'ny fahantrana eto

Tsy afaka hangina intsony ny antoko politika PSD sy Gasy Mifankatia (GASYMI) . Ny fototr'izao fahantrana lalimpaka izao dia ny fanafoanana ny vola natokana ho an'ny Faritany , na "Budget Provincial" tamin'ny taona 1973 izay nampivangongo any amin'ny fanjakana fohibe ny fahefana ara-bola sy ara-pitantanana eto Madagasikara efa ho 50 taona izao. Na dia nosoratana ao anaty lalampanorenanan'ny Repoblika fahatelo aza ny fanomezana fizakantena ara-bola sy ara-pitantanana ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana, na "autonomie administrative et financière des collectivités territoriales decentralisées", ary naverina nosoratana ao anaty lalampanorenan'ny Repoblika faha efatra indray, dia indrisy fa mbola tsy nampiharin'ireo filohampirenena nifandimby teto Madagasikara izany. Efa ho 30 taona amin'ny 2023 ny tsy fanajan'ireo filohampirenena ny lalam-panorenana Malagasy, na dia nanaovan'izy ireo fiainianana teo imasom-bahoaka aza. Tsara ny manamarika eto fa ny mpamatsy vola iraisam-pirenena dia nanamafy hatramin'izay ka hatramin'izao, fa ny fanomezana ny fizakantena ara-bola sy ara-pitantanana ny vondrom-bahoaka itsizaram-pahefana ihany ny vahaolana afahantsika miala amin'izao fahantrana lalimpaka izao.( Tatitra Banky Môndialy tamin'ny taona 2017).

Ny zava-doza aza dia ity lalàna fehizoro 2021-011 izay natolotry ny fanjakana entin'Andriamatoa Filoha Andry Nirina Rajoelina ity, izay manamafy ny centralisme eto Madagasikara.

Ka noho izany dia nanapa- kevitra ny antoko politika PSD sy GASYMI, ka nandray ny fanapahan-kevitra izao :

1/ Mangataka amin' ny fanjakana mba hanaja ny lalam-panorenana, ka hanome ny ben'ny tanàna voafidim-bahoaka sy ny mpanolo-tsaina ny tandrifim-pahefana ara-bola sy ara-pitantanana, hahafahan'izy ireo manatanteraka ny vina fampandrosoana izay nampanantenain'izy ireo ny vahoaka nifidy azy.

Ny Andininy faha-146 ny lalampanorenanana dia milaza fa :

- Ny Fanjakana dia miandraikitra ny fampiharana ireto fepetra manaraka ireto :
- fitsinjarana ny fari-pahefana eo amin'ny Fanjakana sy ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana ;
- fitsinjarana ny loharanom-bola eo amin'ny Fanjakana sy ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana ;
- fitsinjarana ny raharahampanjakana eo amin'ny Fanjakana sy ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana.

2/ Mitaky lalam-panorenana vaovao "Etat régional" na "Fanjakan'ny Faritra" amin'ny Malagasy, ka miangavy antsika rehetra mba handinika sy hamakafaka ny tombotsoam-pirenena amin'ity lalam-panorenana vaovao atolotry ny antoko politika PSD sy Gasy Mifankatia ity.

Lalam-panorenanan iray ihany ho an'i Madagasikara, fa ny Governora sy Ben'ny tanàna ary ny lehiben'ny fokontany, izay fidian'ny vahoaka mivantana, no ho tompon'andraikitra amin'ny fampandrosoana ny faritra ao aminy.

Ny filoham-pirenena kosa dia ny diplaomasia any ivelany sy ny fiarovam-pirenena ary ny fitantanam-bola no andraikiny. Ka ny mpifidy maventy no mifidy azy.

Koa miangavy ireo antoko politika, na fikambanana hafa na olon-tsotra izay mankasitraka ity fanapahan-kevitry ny antoko politika PSD sy GASYMI ity izy ireo, mba ho tonga hanatevindaharana, ka hiara- hivory ao amin'ny Solimotel amin'ny zoma 17 desambra ho avy izao amin'ny 3 ora tolakandro.

***Nangonin'i Niaina***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

# Mizotra mankany amin'ny tsy fahavanonana ny firenena

Mahavariana, olom-pirenena mitaraina amin'ny fiainany iainany andavanandro sy ny sakafo hohaniny, dia ilàna vaniny tsy maintsy mila antonta-taratasy ara-dalàna vao mahazo alalana hiteny an-dalambe eto amin'ity firenena ity. Fa fitondrana inona ity misy ankehitriny ity ?

Toy ny misy sokajin'olona eto tsy ao anatin'ny mpanjifa ary tsy miasa saina, amin'izay manao hetsika fitakiana momba ny fidangan'ny vidim-piainana eto amin'ity firenena ity. Anisan'izany ireo mpitandro filaminana tsy te-hahalala afa-tsy ny baiko omena azy, ka tsy niahotra nanosika sy nanilika ireo vondron'olona mitaraina niàla teo amin'ny toerana nisy azy teo afovoan'Analakely. Niseho izany ny zoma lasa teo. Ny tena nosoritan'ny mpanara-baovao sy ny nahalala rehetra dia andro natokana anamarihana ny zon'olombelona iny andro 10 desambra iny, kanefa izany no nitranga. Fivatravatran'ny mpitandro filaminana nalefan'ny fitondrana, ary vao mainka aza niharo fandrahonana sy ramatahora izany fihetsika izany. Fa lasa firenena inona ity firenena ity ?

Ny alahady teo indray, dia voarara tsy nahazo niditra ny Magro ireo mpanohana miara-dia amin'ny filoha, Ravalomanana Marc. Nipoaka mihitsy aza ny lakrimôzena nanaparitahana azy ireo, araka ny fampitam-baovao. Ny antony voalaza dia hoe, noho ny fihanaky ny valanaretina amin'izao fotoana izao. Tetsy ankilan'izany anefa, tany Vakinankaratra ny filohan'ny Repoblika, dia namory olona marobe. Efa nisy talohan'izay, tany amin'ny toeran-kafa. Tsy nisy resaka fandraràna vahoaka na valanaretina. Izany hoe, rehefa ny fitondrana no mamory vahoaka ve izany, dia malalaka, ary tsy misy fandraràna ataon'ny mpitandro filaminana, fa rehefa ny hafa, indrindra ny avy amin'ny filohan'ny antoko mpanohitra, dia tsy misy resaka fa tsy mahazo mivorivory. Hatramin'ny fikambanana mpiaro ny zon'ny mpanjifa aza tsy mahazo alalana. Fa vanim-potoanan'ny inona ity iainan'ny vahoaka malagasy ity amin'izao fotoana izao?

Izany toe-javatra izany, tsy hahasoa ny firenena velively, ary raha toy izao no fomba fiasan'izao fitondrana izao dia tsy ho vanona ny firenena.

***Sôh'son***

Fialàna amin'ny « doublon » sy ny hala-bato

# Araho maso ny lisi-pifidianana hoy depiote Fetra Razafitsimialona



Manoloana ny filazana fa tsy nisy izany « doublon » izany tamin'ny fifidianana filoham-pirenena farany teo, izay nambaran'ny filohan'ny Ceni vaovao, Dama Andrianarisedo Arsène nandritry ny fifamindram-pahefana teo amin'ny filohan'ny Ceni teo aloha Hery Rakotomanana sy ity filoha vaovao ity, dia nanambara ny filohan'ny vondrona parlemantera Tim, ny solombavambahoaka Fetra Razafitsimialona, fa nisy ny « doublon » tamin'izany fotoana, izay navoakan'ny filoha lefitry ny Ceni teo aloha Thierry Rakotonarivo. Nanamafy ity mpanao pôlitika ity, fa lesoka goavana ny hosoka sy ny lisi-pifidianana tamin'izany fotoana ary nahatonga ny fanonganam-panjakana mihitsy, satria leon'ny halabato sy ny tsy rariny hatrany ny vahoaka malagasy, indrindra fa ireo mpifidy feno taona. Hentitra arak'izany ny tenany, mba hanamarina ny lisi-pifidianana eny anivon'ny fokontany tsirairay, hanara-maso ny fifidianana ary ho sahy hitondra ny porofo eny anivon'ny fitsarana manolona ireo trangana tsy fanarahan-dalàna ireo. Nitondrany fanentanana ihany koa ireo mpikambana Tim isam-pokontany, mba hijoro hatramin'ny farany ary tsy hanaiky lembenana amin'izay voka-pifidianana hitranga eo satria hiatrika fifidianana filoham-pirenena ny vahoaka malagasy ny taona 2023 ho avy izao. Aorian'ny fidinana ifotony ataon'ny antoko Tim any Toliara, efa hiomana sahady ny faritra samihafa eto Analamanga toy ny any Anjozorobe, Ankazobe, sns… Velona sy matanjaka ny antoko Tiako i Madagasikara ary vonona hijoro hatrany raha ny nambaran'ity solombavambahoakan'ny Boriboritany faha-5 ity ihany.

***Rajo***

Ny Valosoa sy hadihady

## 72 taona ny 12 desambra teo

# Vao mainka ao tsara ny Filoha Ravalomanana

Feno 72 taona katroka tamin'ny alahady 12 Desambra 2021 teo ny Filoha Marc Ravalomanana.
Salama tsara ny filohantsika, mbola mahavita mandeha lavitra, satria niara-nankalaza izany fotoandehibe izany tamin'ny vahoakan'i Toliara izy tamin'io alahady 12 Desambra 2021 io, vao haingana izy no tany Toamasina. Tsy tontosa anefa izay fanamarihana ny tsingerin-taona nahaterahany tany Toliara izay, noho ny hetraketraky ny fitondrana Rajoelina, nanakana ny vahoakan'i Toliara tsy ho ao amin'ny Magro Andaboly.
Ireo mpanaraby matahotra fifidianana dia sahy miredired hoe : efa tsy lasa intsony hono ny Filoha Ravalomanana, ka tokony hitsahatra amin'izay.
Ny tena marina amin'ireny sokajin'olona miteniteny foana ireny, dia menatra ny ratsy vitany tamin'ny fanonganana ny fitondrana nahavita nanala ny fahasahiranana nanjo ny vahoaka, satria hitampoko hitampirenena, f'izy mianakavy nandroba fahefana dia vao mainka nampidi-pahoriana ny vahoaka malagasy manontolo, sady mahafantatra tsara ireny kitoatoan'olona ireny, fa rehefa tafaverina eo amin'ny fitondrana ny Filoha Ravalomanana dia ho lasa ririnin-dasa ny fahoriana nilomanosan'ny vahoaka.
Ny taona voasoratra ao amin'ny karapanondro no mitombo ny an'ny Filoha Ravalomanana, fa ny vatana mbola matanjaka, ny saina vao mainka matsilo, ny fahamatorana rahateo tsy ho lazaina intsony, fa arakaraky ny itomboan'ny taona, vao miha-mitombo izany fahamatorana izany, indrindra fa ho an'ny olompirenena kristianina.
Etazonia no firenena filamatra ho an'izao tontolo, ny Filoha Amerikana Joe Biden, feno 79 taona tamin'ny 20 Novambra 2021 teo, mbola misokatra tsara ny sainy ary mbola matanjaka tsara ny vatany, ny Filoha Ravalomanana indray izay mivelona amin'ny sakafo voajanahary, sy mitaiza ny tenany sy ny fanahiny amin'ny finoana kristiana dia manatombo lavitra amin'ny filoha amerikana amin'ny fahavitrihana, ny Filoha Ravalomanana rahateo tsy vahiny amin'ny fomba fitaizambatana sy saina amerikana, ka tsy hanahirana azy ny ampihàtra izay fomba vahiny mety hitera-bokatsoa, ny tombony ho an'i Dada koa dia madio ny rivotra iainana eto amintsika.
Tsy misy tokony hahiana ny amin'ny fiatrehan'i Dada ny fifidianana izay ho tanterahana afaka roa taona sisa. Tsy handaitra amin'ny vahoaka malagasy intsony ny fivoizana ny hevi-diso manao hoe, mila tanora ny fanarenana ny firenena, satria ilay nilaza azy ho tanora dia hita nibaribary fa nanao sain-jaza maroroka, na ny loha-maleminy aza tsy mbola mikatona hatramin'izao, matoa mbola mahavita mampidikizo ny firenena hatrany.
Tsy ilain'ny firenena intsony ny tanora lohampety sy mpamitaka amin'ny renty manadala ary zatra bontolo, noho izany mila mailo ny olompirenena rehetra, satria ankoatran'ny mpitondra ankehitriny izay efa tsy antenaina intsony, dia mety hisy indray ny anarana vaovao haroso hisakanana ny fanarenana ho entin'ny Filoha Ravalomanana.
Noho ireo voalaza rehetra ireo dia tsy tokony hiroaroa saina intsony ny vahoaka malagasy, fa vao mainka aza azo antoka ny Filoha Ravalomanana ary tsy hisy haharaka azy amin'ny fifidianana afaka roa taona, saingy mitaky asa amin'ny isambatan'olona ny fampahombiazana ny fandresena, ny takiana voalohany dia ny fitondrana am-bavaka ny fiainampirenena, ny aorian' izay dia ny fanamarinana ny anarana any amin'ny fokontany, satria ny taona 2022 no fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana izay fanao isaky ny 10 taona, ka ny fisian'ireo mpanaty rankena ao amin'ny ''Ceni'' sy ny ''Hcc'' dia tsy hampalaikomana ny vahoaka malagasy efa dodona tanteraka hisitraka ny fampandrosoana ho entin'ny Filoha Ravalomanana.

***Ny Valosoa***

Ivom-Panajariana an'Antananarivo sy ny Manodidina

# Voafidy fanindroany ny ben'ny tanàna Rado Ramparaoelina

Voafidy fanindroany ho filohan'ny filankevi-pitantanan'ny IPAM, na ny Ivom-Panajariana an'Antananarivo sy ny Manodidina indray, ny ben'ny tanànan'Ampitatafika Antananarivo Atsimondrano, Rado Ramparaoelina. Ny IPAM dia misy mpikambana 38 ary ahitana kaominina miisa 33 ao anatiny, amin'ireo kaominina manodidina ny renivohitra. Izy ity dia zanaky ny tetikasa GUGA: Grand Urbanisme de Grand Antananarivo, miandraikitra ny fanatsarana ny fampidiran-ketra amin'ireo kaominina ireo, ny lafiny fitaterana, ny fidiovana sy ny fanadiovana. Mandrafitra ny PUD: Plan d'Urbanisme de Detail, na drafipanajariana ny tany. Efa nitantana ity IPAM ity nandritra ny 2 taona ny ben' ny tanànan'Ampitatafika Rado Ramparaoelina ary mbola hitarika an'izany mandritra ny 2 taona ho avy indray. Mbola nametrahan'ireo ben'ny tanàna amin'ny kaominina manodidina an'Antananarivo ny fitokisany izy. Efa notsidihan'ny mpanatanteraka ao amin'ny IPAM avokoa ireo kaominina mpikambana, nakana ny hetahetan'izy ireo ary izany dia havadika ho tetikasa, ka ny IPAM no mitady ny famatsiam-bola, izany hoe ity rafitra ity dia karazana mpanamora ny fifandraisana eo amin'ireo kaominina mpikambana sy ny mpamatsy vola. Misy karazany 3 ny lalam-bolany hoy ny Filoha Rado Ramparaoelina, misy ny famatsiam-bola 3 tapitrisa Euro avy amin'ny AFD, sampan-draharaha Frantsay misahana ny fampandrosoana, hatramin'ny taona 2023. Mamatsy vola azy koa ny fitondrana, manome 1 hetsy Ariary isan-taona, ho an'ireo kaominina mpikambana. Ary ny lalam-bola faha-3 dia latsakembok'ireo mpikambana : Ariary 5 isan' olona mandrafitra ny kaominina. Ny IPAM amin' izao fotoana dia fikambanana na Association miasa mivantana amin'ny vahoaka, na d'utilité publique, ary izany dia lany nandritra ny filankevitry ny ministra. Asa fohy ezaky ny fikambanana ny fanomezana ordinatera sy imprimante ary ny antsoina hoe consommable ho an' ireo kaominina mpikambana. Momba ny fahazoana ilay 3 tapitrisa Euro avy amin'ny AFD, mbola misy ny olana amin'ny kaonty amin'ny bankin'ny fikambanana, noho ny fepetra mavesatra apetraky ny ministeran'ny fitantanam-bola momba izany, nefa tsy maintsy ho vitaina izany, hoy ny filohan'ny IPAM. Efa tafajoro koa ny fananganana ny birao maharitra.



*Ny filohan'ny IPAM, sady ben'ny tanànan'Ampitatafika Atsimondrano, Rado Ramparaoelina.*

Fa momba ny kaominina Ampitatafika Atsimondrano iadidiany, be ny zava-bita tamin'ity taona 2021 ity, hoy ity ben'ny tanàna voafidy tamin'ny lisitra Tiako i Madagasikara (TIM) ity. Teo amin'ny lafiny fanabeazana, nahavita efitrano sekoly vaovao miisa 5 ny kaominina. Teo ny fahavitan'ny lalana mirefy 2,6 km, fiarahamiasa amin'ny AFD Frantsay. Tamin'ny volana oktobra 2021, voalohany nahavelon-tena ny kaominina, satria nahavita nandoa ny karaman'ny mpiasa, voasahan'ny kaominina madiodio ny fandaniana ao amin'ny fiadidiana ny tanàna. 3 hetsy Ar amin'izao fotoana ny karama farany ambany ao amin'ny kaominina Ampitatafika Atsimondrano, ezahana hampakarina izany amin'ny taona ho avy hoy ity ben'ny tanàna ity. Nahazo fanampiana avy amin'ny fitondrana ihany koa ny kaominina, izay natokana amin'ny fampandehanan-draharaha. Ny hetra tambatra na impôts synthetiques dia tsy fanampiana na subvention hoy izy, fa vola miditra amin'ny kaominina nalain'ny sampan-draharahan'ny hetra dia tsinjaraina avy eo, ka 49,5% ny anjaran'ny kaominina. Tamin'ny fotoana nisian'ny rafitra Faritany hoy ihany ity olom-boafidy ity, nahatratra 60% izany, nefa amin'izao fotoana tsy misy Faritany izao, mbola 49,5% ihany, mihena noho izany hoy ihany izy ny vola miditra amin'ny kaominina. Zavatra hatao fohy ezaka ao amin'ny kaominina Ampitatafika kosa, ny fanohizana ny fanamboaran-dalana, ny fametrahana ireo jiro andalambe, fanaovana tetezana fohy, fampitomboana ny fitaovana hoentimiasa. Hahazo fiara vaovao sy moto ny kaominina amin'ny taona ho avy 2022.

***Isambilo***

**Vehivavy TIM Analamanga**

# Nanamafy firaisankina, niara-nizara ny mamy tamin-dRavalo

Nomarihana ny alahady 12 desambra lasa teo ny vanin'andro nahaterahan'ny filoha Marc Ravalomanana, ka tany Toliara no nokasaina hankalazàna io andro manan-danja eo amin'ny fiainany io, ka efa niomana tamin'izany ny mpikatroka any an-toerana. Noho ny hasomparana nataon'ny manana fahefana teto amin'ny firenena dia tsy tanteraka araka ny niheverana azy ny fotoana. Na izany aza ny zavatra nisy dia tsy diso anjara tamin'ny fankalazàna ny andro nahaterahan'i Dada ny Vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM), fa nisy ny hetsika natao tamin'izany tao amin'ny foibentoeran'ny antoko TIM tao Bel'Air Ampandrana ny sabotsy teo. Fotoana ihany koa io, nanamafisan'ny Vehivavy TIM ny firaisankinan'izzy ireo. Tonga marobe ireo vehivavy TIM, ka nahatonga solontena tamin'izany ny distrika rehetra mandrafitra an'Analamanga. Nanome voninahitra ny fotoana ny birao politika nasionaly, notarihan'ny mpikambana ao anatiny Julien Andriamorasata, sy Me Eloi Ratefimahefamijoro. Natao izao fihaonana izao hoy ny mpitarika ny vehivavy TIM Analamanga Rahelisoa Arphine amin'ny maha fankalazàna ny andro nahaterahan'ny filoha nasionalin'ny TIM Marc Ravalomanana ; nefa eo ihany koa ny famondronana ny hery satria ny vehivavy dia isan'ny singa iray mandrafitra ny antoko Tiako i Madagasikara, isan'ny matanjaka, satria izy ireo no isan'ny tena mahatsapa ny maha sarotra ny fiainana ankehitriny, izay mianjady ao an-tokatranon'ny tsirairay. Tokana ny tanjon'ny vehivavy TIM dia ny hametraka ny filoha Marc Ravalomanana hitantana ny firenena indray. Nandritra ny fotoana dia niarahaba manokana ny filoha Marc Ravalomanana ny vehivavy TIM. Ho lava andro iainana anie i Dada, ary omeny fahasalamana satria ilaina hanarina firenena izay latsaka an-katerena ny tenany. Ankoatra izay dia nitaona ireo vehivavy manerana an'i Madagasikara ny vehivavy TIM Analamanga, mba hanangana ny vehivavy TIM any amin'ny faritra manerana ny Nosy fa fotoanany izao. Ny zavatra mahafaly dia efa mitsangana ihany koa ny vehivavy TIM Frantsa amin'izao fotoana izao. Ny solotenan'ny birao politika nasionaly Julien Randriamorasata raha nandray fitenena dia nankahery ny vehivavy TIM amin'ny fandavantena hananan'izy ireo hampiroboroboana ny antoko. Ny filoha Marc Ravalomanana hoy izy dia nitondra avo sy nampiakatra ny fiainan'ny Malagasy fony izy nitondra, ka miarahaba azy isika amin'izao tsingerintaona nahaterahany izao. Vonona isika rehetra hamerina azy hitantana ny firenena indray. Nandritra ny fotoana moa dia niditra mivantana tamin'ny alalan'ny antso an-telefônina ny filoha Marc Ravalomanana na dia tany an-tany lavitra aza ny tenany nankehery sy nisaotra ireo vehivavy TIM ary niara-nizara ny mamy tamin'ny Vehivavy TIM Analamanga iszay niatrika ny fotoana.

***Ny Valosoa***

TONONKALO

## Ny madio sy ny marina ary ny mangarahara

Ireto no efa tsy ao anaty rakibolan`ny mapara:
Ny MADIO sy ny hoe MARINA ary ny MANGARAHARA.
Teny telo manan-danja raha hitondra fanjakana,
Saingy ho an`ny jiolahy dia toa niniana nofafana !

Tsy madio ny fitantanana amin`ny sehatra rehetra.
Kolikoly no manjaka, miampy bizina voretra.
Ireo akamakama hatrany no tolorana, ampiadanina,
Saingy ny olon-tsotra kosa, zara raha mihinan-kanina.

Tsisy marina amin`ny asa sy ny seha-panjakana.
Itsabahan`ny mpitondra ny tontolom-pitsarana.
Baiko midina no betsaka, tsisy ny fifampierana.
Didy jadona no ataon`ireo mba manam-pahefana.

Tena tsisy, tena tsisy izany hoe mangarahara.
Raha vao `zany no resahina, miakatr`afo ny mapara.
Dia hankaiza izany isika ? Mila ovàna ny tantara.
Miantso anao ho tonga saina f`efa ho very i Gasikara !

***IRINA HO TAFITA (08-12-21)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

**Ny vehivavy TIM Analamanga nankalaza ny fitsingerenan'ny taona nahaterahan'ny Filoha Ravalomanana ny sabotsy teo, tetsy Bel'Air.**



















## NY TENY FIAINANA




*Ary raha misy manaisotra amin'ny teny amin'ny bokin'ity faminaniana ity, dia hesorin'Andriamanitra ny anjarany amin'ny hazon'aina sy amin'ny tanàna masina, dia izay zavatra voasoratra eto anatin'ity boky ity."*

***Apokalypsy 22:19***

### FEDERASIÔNA MALAGASY NY TARANJA TENISY

## Rakotomaniraka Soloniaina no lany ho filoha vaovao

Tontosa tamin'ny sabotsy 11 desambra 2021 lasa teo, teny amin'ny amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena sy ny Kolontsaina Mahamasina ny fifidianana tao anivon'ny Federasiona Malagasin'ny Tenisy. Lany ho filoha vaovao Rakotomaniraka Soloniaina. Kandidà 2 mianadahy no nilatsaka ho fidiana tamin'izany, ka voafidy ho filoha vaovao, Andriamatoa Rakotomaniraka Soloniaina, rehefa nahazo isam-bato 5 tamin'ireo ligy 6 tonga nifidy. Nanatrika izany fifidianana izany, Andriamatoa Andriterakandriana Aina, Tale misahana ny Fanohanana ny Fanatanjahantena Avo Lenta (DASHN), eo anivon'ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena, sy ny mpiara-miasa aminy ary ny solontena eo anivon'ny Kômity Olympika Malagasy (COM).



*Teny amin'ny Lapan'ny fanatanjahantena Mahamasina.*

***Rainilita***

### Federasiona Malagasy ny Basket-ball (FMBB)

## Mbola lany ho filoha Ramaroson Jean Michel

Tontosa tamin'ny AGE natao teny amin'ny Cemes Soanierana ny zoma lasa teo, ny fifidianana an'ireo mpitantana vaovao handrafitra ny FMBB « Federation Malagasy de Basket-Ball », ka mbola Andriamatoa Ramaroson Jean Michel indray, no voafidy ho filoha hitantana an'izany mandritra ny 4 taona. Ligy 21 no nanatanteraka ny latsa-bato. Nisy ny tatitra natao tamin'ny AGO nataon'ny mpitantana teo aloha, nialohan'ireo fifidianana natao ary koa ny namoahana ny « orientation stratégique" harahina amin'ny ho avy. Laharam-pahamehana ho an'ny birao vaovao ny fanomanana ny handraisantsika ny Afro Basket 2022, sy ny fanomanana ny Lalaon'ny Nosy, hatao eto amintsika, no sahanina voalohany. Ny resaka "qualification Jeux Olympique basket 3x3 Malagasy", izay notsoriny fa misy fomba hafa mihitsy hanaovana an'izany, izay mbola mety ho sarotsarotra ihany.




*Ny sasan-tsasany amin'ireo mpikambana vaovaon'ny FMBB.*

***Rainilita***

### Orange Pro League 2021/2022

## Vita avokoa ireo lalao andro faha-2

Tontosa soa aman-tsara avokoa ireo lalao tafiditra amin'ny andro faha-2, amin'ny amin'ny fifaninanana baolina kitra "Orange Pro League 2021/ 2022". Mitarika vonjimaika taorianan'io andro faha-2 io, ao amin'ny vondrona "Conférence Nord" ny ekipan'ny Ajesaia Bongolava manana isa 6 (+7), arahan'ny Fosa Juniors Fc isa 6 (+4) ary ao amin'ny vondrona "Conférence Sud" kosa dia ny ekipan'ny Elgeco Plus manana isa 6 (+2), sy ny Zanakala Fc manana isa 6 (+2) no miara-mitarika. Voka-dalao rehetra :

Fosa Juniors Fc 2 – 0 Five Fc, Ajesaia 3 – 1 Jet Kintana, Uscafoot 3 – 2 As Fanalamanga, Tia Kitra Fc 0 – 0 Cosfa, Elgeco Plus 2 – 1 Jfc Toliara, A.Dato Fc 0 – 1 Zanakala Fc, Cffa 3 – 1 3Fb Toliara, Mama Fc 0 – 2 Disciples Fc.

***Rainilita***



*Lalao Orange Pro League 2021.*

### Rugby Malagasy

## Scb Besarety sy ny Ftat Anosibe no tafavoaka ho tompondaka



*Ny Scb Besarety nandray ny amboara maha-tompon-daka.*

Fararanon-danonana rugby tokoa ny teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka tamin'ny alahady 12 desambra 2021 lasa teo. Fifaninana federaly 2 sy Top 5 vehivavy ary Doppel Top 20, no indray narahina nisesy tamin'izany ka nahazoana ny vokatra :

***Top 5 Dames***

1. Champion : SC Besarety (SCB 40-21 3FB)
2. Vice-champion : 3FB.
3. 3e place : FTM Manjakaray.

***Fédéral 2 masculin***

1. Champion : FTAT Anosibe (FTAT 21-20 Uscar2).
2. Vice-champion : Uscar 2.
3. 3e place : FBM Bemasoandro (FBM Bemasoandro 27-17 Matadore).

***Doppel Top 20- 2021 :***

Ny Usa Ankadifotsy nandresy ny Tam Anosibe 44 – 42, no hiatrika ny lalao famaranana amin'ny fifaninanana Doppel Top 20- 2021/2022, hikatroka amin'ny Cosfa Miaramila.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy saosy holatra maity na champignon noir indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anatsonga sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

## Fomba natoraly fanadiovana aty

Fomba natoraly fanadiovana aty indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Marihina fa tsy mety amin'ny vehivavy bevohoka sy olona marary voa (rein) ity torohevitra ity:

Zavatra ilaina:

- Voasary makirana 3, tsy esorina ny hodiny,
- Persil efa voatetika 1 vera,
- Celeri 5 isa (branche).

Fikarakarana azy:

- sasana madio tsara ireo akora ireo!
- Tetehana boribory ny voasarimakirana!
- Tsy tetehana ny céleri.
- Afangaro fotsiny fa tsy totoina, rehefa mifangaro tsara dia ampiana rano 6 vera rano mangatsiaka avy nampangotrahana (eau filtrée ).
- Alona mandritra ny 8 ora anaty vata fampangatsiana, na toerana mangatsiaka varavarankely ohatra, tsy azon'ny masoanadro.
- Tatavanina tsara avy eo rehefa tapitra ny adin'ny 8 ora.
- Misotro 2 vera alohan'ny hisakafo atao in-3 isanandro, telo andro misesy.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

## Ny tanànan'i Marovoay, distrikan'i Marovoay, faritra Boeny

Ny tanànan'i Marovoay, distrikan'i Marovoay, faritra Boeny indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Marovoay, iray amin'ireo kaominina miisa 13 mandrafitra ny distrikan'i Marovoay ity tanàna ity. Renivohitry ny distrika ihany koa izy. Any afovoany atsinanan'ny faritra Boeny no misy azy. Azo lazaina ho iva toerana izy, satria 10 m eo ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary. Mpiompy omby ihany koa ny any Marovoay. 41 km miala an'i Marovoay no misy ny valan-javaboaharin'Ankarafantsika. 12 km miala ny lalampirenena faha-4 (RN4), miankandrefana no misy ny tanànan'i Marovoay. Anisan'ny toerana mafana eto Madagasikara ity tanàna ity.



Asa any Seychelles

# Olona mihoatra ny 100 no voasolokin'ireo mpisoloky

Ho an'ireo liana hiasa atsy amin'ny Nosy Seychelles, olona miisa 100 mahery no voasolokin'ireo mpisoloky roalahy teto an-drenivohitra. Nanaparitaka peta-drindrina tamina faritra maro teto an-drenivohitra izy roalahy milaza fa misy asa any Seychelles ary mikarama 400 euros isam-bolana ny olona iray, no sady iantohana ny trano sy ny sakafo. Nasiany laharana finday ihany koa ho an'izay liana sy hanao ilay asa.

Rehefa mihaona mivantana amin'izy ireo ny olona hofitahany dia mampiseho taratasy sandoka fifanarahana amin 'ilay orinasa any ivelany sy tatarasy fifanarahana arak'asa ireto mpisoloky ireto. Ho an'ireo olona nahita izany ka roboka dia nasain'izy ireo nandoa vola 600 000 Ar sandan'ny fikarakarana taratasy sy hanaovana "hébergement" any Seychelles. Azon'izy ireo ny vola dia harirarirany eny ny olona ary mody omeny laharana pasipaoro sandoka hoentina milaza fa efa vita ilay pasipaoro ary efa lasa any Seychelles, fa miandry fiantsoana amin'ny fiaingana sisa. Fitaka avokoa anefa izany rehetra izany, nosavaina ny tranon'izy roalahy dia nahitana fitomboky ny Minisiteran'ny fahasalambahoaka sy antontan-taratasy maro samihafa izay marihina fa samy sandoka avokoa. Niaiky ny heloka nataony ihany koa izy ireo ary nanambara, fa hoentiny ampiasainy amin'ny fisolokiana avokoa ireo antontan-taratasy sy fitomboka sandoka ireo rehefa voasambotry ny mpitandro filaminana izy ireo.



*Ireo mpisoloky roalahy milaza fa mahavita mandefa olona hiasa any Seychelles.*

**Niaina**

CEG Ambahikily Morombe

# Mipetraka amin'ny tany ny mpianatra, satria tsy misy dabilio

Mampalahelo ireo mpianatra sasany ao amin'ny CEG Ambahikily, any amin'ny distrikan'i Morombe faritra Atsimo Andrefana amin'izao fotoana, mianatra mipetraka amin'ny tany ireo mpianatra satria tsy misy dabilio ny sekoly. Noho izay antony izay, mihosom-bovoka ireo mpianatra. Kaominina iray ao anatin'ny distrikan'i Morombe i Ambahikily. Toerana ambanivohitra nefa ahitana sekoly misy mpianatra mavitrika ary mpampianatra manana traikefa. Na izany aza, toy ny miasa irery izy ireo amin'ny fanabeazana ny ankizy, satria dia sahala amin'ny tany lavitra Andriana, ka tsy misy mijery akory ny fahasahiranana mianjady. Na eo amin'ny lafiny foto-drafitr'asa izany na eo amin' ny lafiny fampitaovana dia mbola misedra fahasahiranana tanteraka. Ataon' ny ministera mpiahy ho faralahy sy anjorom-bala ny fanabeazana any an-toerana. Taona maro izay, mbola mipetraka amin'ny tany ireo mpianatra amin' ny sekoly CEG any an-toerana. Manginy fotsiny ny fahalotoana ateraky ny fihosonam-bovoka. Ho an'ny sekoly CEG ihany io voalaza io, fa mbola tsy voaresaka ny an'ny amin' ny sekoly EPP. Ankoatra izany, mbola tsy vita hatramin'izao ny tafon'ny sekoly Lisea, izay lasan'ny rivo-mahery tamin'ny taon-dasa. Mianatra amin' ny sekoly tsy misy tafo ihany koa ireo mpianatra, miharitra ny hafanana be. Iaraha-mahalala anefa fa ambony dia ambony ny tahan'ny mari-pana eto amintsika ary tsy ho ela dia hiditra amin'ny vanimpotoana ny orana isika, hanao ahoana ny fiatrehan'ireo mpianatra izany amin'ny vanim-potoanan' ny orana koa? Manao antso avo amin'ny ministera mpiahy izy ireo, mba hijery akaiky izao toe-draharaha izao.


*Mpianatra mianatra amin'ny tany any Ambahikily Morombe.*

**Stefa**

Mpanakanto Djino nisy namono

# 10 taona an-tranomaizina ny sazin'ilay olona nikapa antsy azy

Volana vitsivitsy lasa izay no nisy nikapa, na namira tamin'ny antsy ny mpanakanto Djino, mpanakanto anisan'ny manana ny maha-izy azy amin'izao fotoana any amin'iny tapany avaratry ny Nosy iny, nandritra ny alim-pandihizana izay nafanainy, izy sy ny tarika miaraka aminy. Nivoaka ankehitriny ny didim-pitsarana momba izany raharaha izany, sazy mihàtra 10 taona an-tranomaizina no azon'i Jaoroby, ilay tovolahy namira antsy an'i Djino, mpanakanto malagasy izay nisy namira meso tamin'ny 06 oktobra 2021 iny, nandritra ny bal izay nataony tao Bemaneviky Andoharano distrikan'Ambanja faritra Diana. Io no didy navoakan'ny fitsarana tao Ambanja ny herinandro teo. Ankoatra izany, efa salama tanteraka kosa i Djino ankehitriny ary efa manohy ny fitetezam-paritra ataony.

**Niaina**

Kiranomena faritra Bongolava

# Faritra tsy milamina, mpitondra moto iray maty nisy namono


*Ilay lehilahy nitondra moto, maty nisy namono.*

Faritra tsy milamina ny any Kiranomena any amin'ny faritra Bongolava iny. Toerana ahitana fanafihan-jiolahy mitam-piadiana ihany koa. Lehilahy iray tokony ho 50 taona nandeha moto, no hita faty novonoin'olona omaly alatsinainy 13 desambra 2021. Raha izy an-dàlana hamonjy fodiana any Kiranomena iny, teo amin'ny toerana atao hoe Amparihimanga, 3 km tsy hidirana an'i Kiranomena, no notaperin'ireo tsy mataho-tody ny ain'ity raim-pianakaviana ity. Ilay moto nentiny dia mbola hita teo akaikiny. Arak'izany, mety mifangaro amin'izao raharaha izao ny disadisam-piarahamonina, sy ny asan'ny jiolahy mpamono olona. Efa tonga nijery sy nizaha ny razana teny an-toerana ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny ary nanao ny fanadihadiana, ahafantarana ny marina momba izao vonoan'olona izao.

**Stefa**

Fambolen-kazon'ny foibe FJKM

# Any Andanona no anjaran'ny eto Antananarivo

Ny sabotsy 18 desambra 2021 ho avy izao, no fotoamben'ny foibe Fjkm, amin'ny fambolen-kazo amin'ity taona ity, any Andanona distrikan'i Manjakandriana faritra Analamanga. Sady ezaka ho tontolo maitso, no fanambin'ny foibe Fjkm efa an-taonany maro izy io. Samy manana ny fandaminana ny faritra hafa toy ny any Fihaonana Ankazobe sns… Nanamafy ny filohan'ny Fjkm, ny mpitandrina Irako Andriamahazosoa Ammi, fa ho tohizana isan-taona ity fambolen-kazo ity ary entanina hatrany ny mpino kristianina samihafa, mba samy hanatanteraka ity hetsika fambolen-kazo ity. Miara-miasa amin'ny MFE ihany koa ny foibe Fjkm ary karazan-kazo maro no ho volena amin'io sabotsy io. Asa kosa anefa na ho avy ny orana amin'io andro io, na mbola ho maina ihany.

**Rajo**


*Anisan'ireo zanakazo hambolena ny FJKM ny sabotsy izao.*

Pasitera Tantely Ratsimba

# Nizara ny "Fitoriana marina"

Samy mahatsapa sy mahatsikaritra ny isam-batan'olona ankehitriny, fa mirona amin'ny "filazantsaran'ny tany" sy ny fananan-karena ny ankamaroan'ireo "Mpino", ka manadino ny fototry ny filazantsara marina dia ny fibebahana sy ny tahotra an'Andriamanitra.

Ny fahatsapana izany no nanosika sy nanainga ny Pasitera Tantely Ratsimba, nanatanteraka fotoana hahafahana mifampizara ny fitoriana marina, mifototra amin'ny voalazan'ny baiboly , izay, notanterahana, ny alahady teo, nanomboka, tamin'ny 09 ora maraina, nitohy tamin'ny 02 ora tolakandro, tetsy amin'ny efitrano malalaky ny PK 00 Soarano.

"Katsaho ny zavatra any ambony, any amin'izay itoeran'i Kristy, saino ny zavatra any ambony fa tsy ny ety an-tany". Io no lohahevitra novelabelarin'i Pasitera Tantely Ratsimba teny an-toerana tamin'ny alalan'ny fampianarana sy ny fitoriana ny filazantsara. Tsy nisy ny fitatazana rakitra, sy ny fanentanana ara-bola nandritra ny fanatanterahana ny fotoana rehetra. Notolorana kapila mangirana "DVD" maimaimpoana mirakitra fampianarana kosa, ireo tonga nanatrika. Raha tsiahivina, ny taona 2010 no nomen'i Jesosy Kristy an'i Pasitera Tantely Ratsimba ny iraka "Miomàna" hihaona amin' Andriamanitrao miompàna ho amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny fitoriana izay mifototra tanteraka amin'ny baiboly. Ho fanatanterahana izany no antompisian'ity hetsika goavana, natao, ny alahady teo, tetsy amin'ny efitrano malalaky ny PK 00 Soarano ity. Tanteraka ara-bakiteny tokoa, araka izany, ilay hoe : "Dia ho fantatrareo ny marina, ary ny marina no hahafaka anareo tsy ho andevo".

**Lalasoa R.**


*Ny Pasitera Tantely Ratsimba, nizara ny "Fitoriana marina".*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 11/12/2021 hatramin'ny 18/12/2021**

- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1243-12-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

MENABE

# Tsy nisy mpiahy sy mpijery ny sehatry ny asa tanana

Tsy nisy mpiahy sy mpijery loatra ny asa tanana sy haitao tany amin'ny faritra Menabe, nandritr'izay taona maro izay satria dia tsy misy na dia mpiasa iray aza tao amin'ny sampandraharahan'ny asa tanana sy haitao, fa dia natolotra novimbinin'ny ministeran'ny indostria sy ny varotra ary ny fanjifana hatrany.



*Anisan'ireo asa tanana hita any Menabe.*

Ankehitriny dia natokana ity ministeran'ny asa tanana sy ny haitao ity, 3 volana aty aoriana nanokanana ity ministera ity, mbola tsy misy tokontaniny na ireo mpiasa isam-paritra na ny fitaovana hampiasaina, eny fa hatramin'ny birao aza raha ny fitaleavam-paritry ny asa tanana sy haitao any Menabe no resahana, dia tsy misy afa tsy olona roa hatreto dia ny tale sy ny olona iray manampy azy no miasa ao. Etsy ankilany koa, ireo mpanao asa tanana dia mitaraina satria di mijaly izy ireo amin'ny filana akora fotora, indrindra fa ny hazo, hany ka miady irery izy ireo tsy mba misy mpiahy fa dia miezaka miahy tena, ny vokatra koa tsy misy mpaka, satria nanomboka tamin'ny nisian'ny covid-19 dia tsy misy mpizahatany manjifa, fa dia ny tsena anatiny ihany no misy, nefa ireo eto an-toerana tsy mampihodina ny tsena na dia efa manao vidin'entana mora aza izy ireo, satria na dia mihasarotra sy lafo aza ny akora fototra dia miezaka ny tsy mampiakatra ny vidin'ny vokatra izy ireo. Koa noho izany, manao antso avo mba hijerena manokana azy ireo, ireo mpanao asa tanana any Menabe, fa tena sahirana sy marary ny fandraharana asa tanana any an-toerana.

**Stefa**

Tranombarotra Baolai

# Mitohy ny "Promotion Spéciale Noël"

Rehefa volana desambra toy izao dia anisan' ireo manavao ny tolotra omeny ny Tranombarotra « Baolai » etsy Soarano, Analakely ary ao Bazar Be Toamasina. Izay manao « Promotion spéciale Noël » hatramin' ny 15 Janoary 2022, arakaraka ny fetran' ny stock izay misy. « Amin' ny fividianana Smart Tv sasantsasany dia mizara maimaimpoana Smartphone « Hisense » izahay. Ary amin' ny fanjifana Smart Tv « Jeyoo » iray 75" na 85" dia misy Ampli- baffle rechargeable iray omenay « gratuitement »", hoy ny tompon' andraikitra. Maro ny entana lohalaharana amin ' ny kalitao « premier choix », vaovao sady mibika amin' ny vidiny mirary hita ao amin' ity Tranombarotra lehibe iray ity. Ao ny Smart tv - télé led : misy manomboka 32" hatramin'ny 85 " - laser tv samihafa misy hatramin' ny 120 ": misy antoka 1 taona daholo, climatiseur, réfrigérateur, machine à laver, cuisinière à gaz sy électrique, synthétiseur, panneaux solaires mono sy polychristalline, four micro - onde, amplificateur, lecteur divx/dvd, table de mixage, … Ny antsipirany izany rehetra izany, dia azo fantarina ao amin' ny site web sy pejy facebook baolai ary ao amin'ny laharana finday 034 56 288 21 (ora fiasana). « Ho fanomezana fahafampo ny tokantrano malagasy, dia amin' ny fividianana télé Led « Hisense » sasantsasany dia hisy subwoofers rechargeables ho zarainay maimaimpoana », hoy ny tompon' andraikitra. Dia hitorajofo tokoa ny daholobe amin' ity volana desambra 2021 ity, miaraka amin' ny Tranombarotra « Baolai».

**Aly**





*Ireo entana anisan'ny hita amin'ny Tranombarotra Baolai.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 377**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0376)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
| --- | --- | --- | --- |
| - Sambatra | - Roa – Vaky | - Sandry | - Vilia (miv) |
| - Voay (miv) | - Ko – As | - Teo | - Taona |
| - Ntaolo | - Kambana | - Miaraka | - Ro – Naka (miv) |
| - Deraina | | - (Kitoat)oa – OM | - Avo – Isa |

## TENY MIFANAPAKA N° 377



**Mitsivalana**

**1.** Eo amin'ny vatana **2.** Lavitra tsy hita maso – Resin-tory **3.** Ilainao – Bitika (BR) **4.** Faran-teny – Foto-tsakafo **5.** Fonenany – Anelanelan'ny teny **6.** Sakoroka **7.** Biby fiompy **8.** Dada – Zava-maniry **9.** Haja sy voninahitra – Kianteny – Onitra (BR) **10.** Nanala

**Mitsangana**

**A.** Lalandrano – Zandary **B.** Renirano – Sakafo – Marika **D.** Nandalina **E.** Hita eo amin'ny fery – Tsirin-teny Iharana **F.** Maneho fotoana – Feo miverina (miv) – Oseana, ranomasimbe **G.** Vao tsy ela – Nandray **H.** Làlam-pirenena – Metaly – Anaty nono **I.** Ajanony ! – Resaka tsy marina (miv) **J.** Mijaly ara-tsakafo – Fisotro (miv) **K.** Lavaka lavitra be – Teny mandràra

### Valiny Teny mifanaraka 0376

**Mitsivalana**

**1.** Maintirano **2.** If - Lay (miv) - Dio (miv) **3.** Lohataona **4.** Amalona **5.** Lasa - Ivato **6.** Any - Asio (miv) **7.** Haingo (miv) - Voa (miv) **8.** Aato - Ao **9.** Andrana **10.** Tsofa - Vavy (miv)

**Mitsangana**

**A** Milalao - BT **B.** Afomanga **D.** Hasina **E.** Niala - Faty (miv) **F.** Tato - Taona **G.** Ilany **H.** Ovao (miv) - Ory **I.** Noa (miv) - Aia ? - AV **J.** Niantsoana **K.** Do (miv) - Vaovao (miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny Filoha Ravalomanana tany Ankililaoka, Toliara II





Ny Filoha Ravalomanana nivavaka tao amin'ny FLM Betela Toliara.





Ny Filoha Ravalomanana namonjy lamesa tao amin'ny Ekar Katedraly Tsianaloka, Toliara.





Ny fisakanan'ireo mpitandro filaminana ny vahoaka tsy ho ao amin'ny Magro Andaboly.



